Ny vahoakako rehetra dia miditra amin'ny Paradisa afa-tsy ireo izay nandà ihany

Tatitra azo avy tamin'i Abou Houraira (R.A) niteny i Mpaminany (S.A.W) : "Ny vahoakako rehetra dia miditra amin'ny Paradisa afa-tsy ireo izay nandà ihany". hoy ireo mpanara-diany hoe : O! Ry Irakan'Allah ! Iza no mandà? dia hoy izy namaly hoe : "Izay rehetra mankatò Ahy dia miditra amin'ny Paradisa; fa izay rehetra nitsipaka ahy kosa dia efa anisan'ireo nandà".

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari]

Milaza amintsika ny Mpaminany (S.A.W) fa ny vahoakany rehetra dia hiditra ao amin'ny Paradisa afa-tsy ireo izay tsy manaiky! Hoy ireo mpanaradia azy : Iza no tsy hanaiky, ry Irak'Allah? Namaly Azy i Mpaminany (S.A.W) fa hoe : “Izay rehetra manaiky sy manaraka ary mankato ny Irakan’Allah dia izy ireo no hiditra any amin’ny Paradisa, fa izay rehetra nandà ka tsy manaiky ny lalàna dia izy ireo no ho voasakana tsy hiditra ao amin’ny Paradisa izany noho ny asa ratsiny.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4947